


***Tena mamono ny fahafahana tanteraka io lalàn-tserasera tiana ho laniana ao Madagasikara ao***




**Ny minisitry ny Serasera, [Vonison Andrianjato Razafindambo](Vonison Andrianjato Razafindambo) -mpanao gazety ihany koa- sy *Gérard Rakotonirina. Tena "collé-serré" ara-ba* ki-teny**

*Raha tsy re teny mihitsy i Gérard Rakotonirina ( **ATO NY ANTONY** ), filohan'ny OJM (Holafitry ny mpanao gazety eto Madagasikara) izay tokony hiaro sy ho sarotin*
*y*
amin'ity asa fanaovan-gazety ity -toa ny nataon-dry Ralaiarijaona, Mompera Rémi Ralibera, Anicet Andriantsalama sy James Ramarosaona sy Ruffin Rakotomaharo nodimbiasany- dia ny any ivelany indray no nitsangana nanameloka io resaka fanampenam-bava ny mpanao gazety malagasy, eny ny vahoaka malagasy iray manontolo mihitsy.
*Eo anatrehin'ny zava-doza haterak'ity*
*« Code de la communication médiatisée »*
*na lalàna-tserasera raha tsorina, dia nampiaka-peo ny*
*« Reporters Sans Frontières »*
*(RSF). Izao ny fijeriny azy io:*




***Christophe Deloire, Sekretera jeneralin'ny « Reporters Sans Frontières »***

*Ny andininy sasany ao anatin'io volavolan-dalàna mikasika ny serasera io dia tena manitsaka tanteraka ny zo fototry ny fahalalahana mahazo vaovao. Ny mpanao gazety dia tsy natao ho mpiambina ny fandriampahalemana eo amin'ny lafiny sosialy. Ny anjaran'ny mpanao gazety dia ny manome vaovao, eny na dia manenligelina io vaovao io. Ny vesatry ny sazy dia tsy mifanentana amin'ny fanaovan-gazety mihitsy. Fandrahonana ho an'ny mpanao gazety izany ka hanery azy ireo hanao sivana ny tenany (« autocensure »). Manjavona ihany koa ny fomba namaritana ny tokony mahavoasazy na tsia, eo amin'ny vaovao avoaka.*

*Tena tsy tokony amaivanàna mihitsy izany rehetra izany ka ho lanian'ny depiote amin'izao fotsiny. Mila averina dinihina io volavolan-dalàna io ary ny tena sosokevitry ny mpanao gazety tamin'ny nandrafetana azy io dia tokony henoin'ny parlemantera voafidy.*

*Reporters Sans Frontières - 16 Jona 2016*

*Nandika : Jean Fort Ramambazafy*